

FEHIN-KEVITRA TAMIN'NY FIVORIANA ARA-POTOANA NATAON'I JUSTICE ET PAIX MADAGASIKARA

(Antanimena, 22-25 Novambra 2022)

Ho an'ny tompon'andraikitra isan'ambaratonga eto amin'ny firenena,

Ho an'ny vahoaka malagasy sy ireo olona tsara sitrapo.

Homba anareo mandrakariva anie ny fahasoavana amam-piadanana avy amin'i Jesoa Kristy Tompo !

Izahay 26 mianadahy avy, pretra sy lahika, solontenan'i Justice et Paix avy amin'ny Diosezy rehetra manerana an'i Madagasikara izay tarihan'i Monsenera Benjamin Marc RAMAROSON, eveka mpiahy ny Vaomiera, noho ny iraka ampanaovin'ny Fivondronamben'ny Eveka eto Madagasikara, dia nananteraka fivoriana ara-potoana faharoa tetra Antanimena ny 22 ka hatramin'ny 25 Novambra 2022. Ny fivoriana moa dia niompana amin'ny zavamisy momba ny zon'ireo zaza sy olona tsy manana Sora-pahaterahana, ny momba ny fananan-tany sy ny harena an-kibon'ny tany, ary indrindra ny olana ateraky ny tsy fisian'ny fandriampahalemana manerana ny Nosy. Tamin'izany no nahafahanay nifampizara vaovao sy namakafaka ny zavamisy iainan'ny malagasy amin'izao fotoana izao manerana ny Nosy. Ka ireto no nisongadina indrindra tamin'ny alàlan'ny tatitra sy fifampizaràna nataon'ireo solontena :

1. Sora-pahaterahana.

Hita fa tena betsaka dia betsaka ny zaza, tanora, olon-dehibe malagasy no tsy manana ny Sora-pahaterahany akory indrindra fa ny eny Ambanivoohitra. Isan-taona isan-taona dia misy ireo manao ezaka momba izany ary isaorana ny fanjakàna izay manao izany ho an'ireo feno 18 taona no miakatra ankehitriny miaraka amin'ny karanondro. Fantantsika tsara fa maneho ny maha-olom-pirenena ny Sora-pahaterahana ka hanentanana mba ho ny olona rehetra izay tokony manana izany zo izany no anaovana ezaka ary tokony hiara-hiasa ny rehetra amin'izany.

2. Fananan-tany.

Saika hita na aiza na aiza eto Madagasikara ny adi-tany ary betsaka ny mitaraina fa lasan'ny hafa ny taniny. Efa misy ny ezaka ataon'ny fanjakan'ny momba ny fanomezana kara-tany faobe ary tena

manampy tokoa saingy mbola maro dia maro ny olana momba ny fananan-tany ary saika tsy matoky ny tompon'andraikitra intsony ny vahoaka ny amin'ny ady tany isan-karazany.

3. Harena an-kibon'ny tany sy ny vokatra an-dranomasina

Tsy dia hita loatra ny fampiharana ny mangarahara amin'ny fitrandrahana ireo harena an-kibontany fa toa lasa tantely afadrankotra ny zavamisy ary saika ny mpanambola sy ny vahiny no tena manjaka amin'izany. Isaorana ny tompon'andraikitra amin'ny fanatratrarana ireny harena saika havoaka an-tsokosoko avy eto Madagaskara sy ireo tratra efa lasa any ivelany toy ireny volamena, andramena, sokatra... saingy toa tsy misy resaka firy intsony ary tsy fantatra ny tohin'ireny raharaha ireny. Torak'izany koa ny momba ny fitrandrahana ny vokatra an-dranomasina toy ny trondro sy zavatra hafa. Mety ny ezaka ataon'ny fitondrana ary tokony hohamafisina hatrany saingy mbola betsaka ny tsy voahara-maso ka lasa gaboraraka.

4. Tsy fandriampahalemana

4.1. Trangan-javatra miseho : halatr'omby, fandratràna sy vonoan'olona, fitsaram-bahoaka, vaky trano, takalon'aina, fanakanan-dàlana amin'ny fitaterana, hala-bokatra, hala-botry, vaky fasana sy halatra taolam-paty, fanolanana isan-karazany, fanondranana olona any ivelany, hala-jaza, fihanyak ny zava-mahadomelina, fanafihana mitam-piadiana, kolikoly avo lenta mihatra aman'aina, fandravana fananana sy fibodoana tanin'olona, sinto-mahery, fandoroana tanàna, fangalàna taova isan-karazany...

4.2. Vokatr'izany dia :

*mihena ny risipon'ny olona hamokatra ary miharatsy ny kalitaon'ny vokatra ;

*tsy matoky ny tompon'andraikitra intsony ny vahoaka ;

*rava ny fihavanana ; samy mandeha samy mitady no misy amin'ny fiaraha-monina

*maro ny sekoly mikatona any ambanivohitra ; ny toeram-pitsaboana (CSB) tsy ahitàna mpitsabo sy fanafody ; tsy ampy sakafo ary maty mosary ny olona ka mora andairan'ny aretina.

*betsaka ny kamboty tsy fidiny ary mitombo ireo mpitsoa-ponenana.

*simba ny toe-tsain'ny olona. Very fanahy mbola velona ny vahoaka malagasy ary tsy voatandro intsony ny soatoavina maha malagasy.

*sarotra ny fanatanterahana ny asa an-kapobeny ho an'ny rehetra.

4.3. Misy ny ezaka efa ataon'ny mpitondra toy ny fampitomboana isa ny mpitandro filaminana, toy fiaraha-miasan'ny mpitandro filaminana amin'ny fokonolona, ny amin'ny fanaovana foto-drafitr'asa toy ny lèlana, ny biraon'ny tompon'andraikitra manakaiky ny vahoaka, ny fiarovana ny ain'ny mpandeha amin'ny lalam-pirenena ary ny fanampiana ireo tra-boina tamin'ny endriny maro... Saingy na eo aza anefa ireo ezaka rehetra ireo dia iaraha-mahita fa mbola ratsy ny zava-misy. Mandry andriran'antsy na andro na alina ny vahoaka.

5. Fehin-kevitra

Noho ireo zava-misy ireo dia manolotra ireto fehinkevitra ireto ny Justice et Paix :

5.1. Aoka ireo manam-pahefana isan'ambaratongany mba handray fepetra hentitra hamerenana ny fitokisan'ny vahoaka amin'ny fampiharana ny lalàna amim-pahamarinana sy ara-drariny : eo anivon'ny fitsarana, amin'ireo sampan-drahahaha misahana filaminam-bahoaka, ny fahasalamana, ny fananan-tany, ny harena ankibon'ny tany, ny fanabeazana...sns. Aoka hanao tatitra mazava sy mandrakariva amin'ny vahoaka ny tompon'andraikitra rehetra. Mila mazava hatrany manko ny fitantantana ny firenena ary marihina fa tsy misy ambonin'ny lalàna na iza na iza.

5.2. Langaviana ny mpanao politika rehetra na iza na iza mba samy haneho ny tena fitiavana tanindrazana fa tsy hitady tombotsoa manokana, na harena, na sezà, na voninahitra... Aza adino fa ny politika tena izy dia ny fanasoavam-bahoaka tsy an-kanavaka ihany ao anatin'ny fanarahandalàna sy ny fampiharana ny fahamarinana. Tadidio fa ny fitiavana ny tanindrazana sy ny fanasoavam-bahoaka dia tsy mba ao anatin'ny korontana, na fihantsihana isan-karazany, na ady... fa aseho mandrakariva amin'ny fampanjakana ny fihavanana, ny fifankatiavana, ny fiadanana, ny fitoniana ary ny fandriampahalemana.

5.3 Entanina ny vahoaka amin'ny maha zava-dehibe ny aina sy ho sarotiny amin'ny fiarovana ny rariny, ny marina sy ny hitsiny ary ny firaissanka, nefà kosa hanalavitra ny herisetra sy ny valifaty. Hamporisihina ny vahoaka mba tsy hiraviravy tanana fa ho sahy handray andraikitra anatin'ny firaissan-kina amin'ny sehatra tandrify azy. Amporisihina ny olom-pirenena mba hiezaka hanaraka ny fepetra amampitsipika manaja ny soa iombonana sy ny tombon-tsoa ambonin'ny firenena. Entanina koa izy ireo haneho fitiavan-tanindrazana amin'ny sehatr'asa izay ataony.

5.4. Ankaherezina ny mpikatroka Justice et Paix rehetra hanohy ny asa sy ny iraka ampanaovina azy. Ezahina hamafisina hatrany ny fandrais'

andraikitra sy ny fiaraha-miasa ary ny fanairana an'ireo hery velona rehetra miaraka amin'ny vahoaka. Angatahina noho izany ny diosezy rehetra mba hanangana ny Justice et Paix amin'ny toerana sasany mbola tsy misy azy mba hihaino sy hanangona ny zavamisy iainan'ny vahoaka any lavitra any.

Eto am-pamaranana dia mankahery ny mpitondra, ny vahoaka ary ireo olona tsara sitrapo rehetra amin'ny ezaka atao hijoroana amin'ny fahamarinana ny Vaomieran'ny Eveka momba ny Rariny sy ny Fiadanana ary mitondra am-bavaka ny firenena mba hanjaka ny rariny, ny fandriampahalemana ary ny fanajàna ny zon'olombelona.

Antananarivo, 25 Novambra 2022.

Amin'ny anaran'ny Vaomieran'ny Eveka momba ny Rariny sy ny Fiadanana (Justice et Paix) Madagasikara.

Monseigneur Marc Benjamin RAMAROSON, Président de la Commission Episcopale Justice et Paix.

P. Sata Jean Noel ANDRIANASOLO, Secrétaire Général.